FAMOTORANA SAVARANONANDO AMIN'NY POLISY SY ZANDARY

# Tokony hatsahatra ny famoahana vaovao momba azy ireny hoy ny SMM

Nanao fanambarana tamin'ny alalan'ny filohany Mbitanarivo ANDRIANTSIHORISOA ny SMM: Sendikan'ny Mpitsara eto Madagasikara omaly, tokony hatsahatra hoy ny fanambarana ny famoahana vaovao amin'ny haino vaky jery mahakasika ny fanadihadiana savaranonando eny anivon'ny polisy sy ny zandary:
"Ny Mpitsara sy ny Mpitandro ny Filaminana dia isan'ny antoka ho amin'ny filaminan'ny fiainam-piaraha-monina. Ny SMM dia manohana tsy misy fepetra ny ezaka lehibe efa ataon'ny mpitandro ny filaminana amin'ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana sy amin'ireo fandikan-dalàna rehetra amin'ny ankapobeny. Mendrika ny hiaina tsy misy rahoraho sy am-pilaminana tanteraka ny Vahoaka Malagasy, izay amin'ny anaran'izy ireo no hamoahan'ny Mpitsara ny didim-pitsarana rehetra.
Mba ho tsotra sy mahitsy, ny fiaraha-miasa eo amin'ny Mpitandro ny filaminana sy ny Fitsarana dia tsy maintsy manaja ireto fenitra ireto :
- Ny « subordination hiérarchique » ;
- Ny fanajana toy ny anakandriamaso ny "présomption d'innocence" ;
Mba hahafahana manenjika izay heverina ho mpandika lalàna, ny Mpitandro filaminana dia mandray ny fitoriana, manokatra avy hatrany ny fanadihadiana, mikaroka ireo izay heverina ho nandika lalàna ary miroso amin'ny famotorana savaranonando azy ireny, manambatra izay mety ho porofo rehetra mialohan'ny fampiakarana ny raharaha manoloana ny Fampanoavana;
Ny Fampanoavana, araka ny antotan-taratasin'ady, no mijery sy mandinika ny mikasika ny fanenjehina raha toa ka ampy ny vesatra iampangana, amin'ny alalan'ny famotorana hamehana na koa mitaky manoloana ny Mpitsara mpanao famotorana, izay mahaleo tena, ny handidiana ny famonjàna vonjimaika ;
Mandritra izany paik'ady rehetra izany dia tsy maintsy manaraka ny toromarika sy ny baikon'ny Fampanoavana ny Mpitandro ny filaminana efa voatondro ho amin'ny andraikitra amin'ny maha-O.P.J (Officiers de Police Judiciaire) azy ;
Manoloana izany, ny Mpitandro ny filaminana dia tsy maintsy manaja ny présomption d'innocence sy ny zon'ny olom-pirenena tsirairay. Torak'izany ihany koa ny fanajana ny tsiambaratelon'ireo antotan-taratasin'ady sasany mba hiarovana ny fizotry ny paik'ady ho amin'ny tena ara-dalàna ;
Hita sy tsapa niverimberina tato ho ato fa noho ny tsindry ataon'ny manam-pahefana ara-politika sy/na ny manam-pahefana ara-panjakana ary koa ny mba hahazoana vokatra haingana, tsy vitsy ny Mpitandro ny filaminana mamoaka mialoha ny antsipirian'ny fanadihadiana ireo raharaha izay tsy mbola eo ambany fahefany. Maro ireo olom-pirenena haseho sary mivandravandra manoloana ny tambazotra serasera, olom-pirenena izay mbola misitraka tanteraka ny zony sy ny présomption d'innocence, ankoatra ireo izay mety voalaza ho tratra ambodiomby ;
Maro amin'ireo antotan-taratasin'ady tonga manoloana ny fampanoavana anefa no tsy mifanaraka velively amin'ireny fanaparihana vaovao manerana ny haino vaky jery ireny, ary matetika aza dia famotorana savaranonando tsy mahafeno fepetra, fanerena ny toriana hanaiky amin'ny fomba rehetra, eny hatramina tatitra ataon'ny mpahay sy porofo ara-tsiantifika tsy misy akory. Ny fitsarana izay ifaharan'ny asa farany avy eo no lasa iharan'ny fanaratsiana sy ny fanenjehina ataon'ny Vahoaka Malagasy mpikirakira na tsia ny tambazotra serasera, indrindra ihany koa ireo rehetra manan-draharaha manoloana ny Fitsarana ;
Manoloana ny fihoaram-pefy tafahoatra toy izany, ny Sendikan'ny Mpitsara eto Madagasikara dia mampahatsiahy fa ny Mpitandro ny filaminana misahana ny andraikitry ny mpanao fanadihadiana, dia tsy maintsy manaja ny subordination hiérarchique;
Manao antso avo amin'Andriamatoa Mpitahiry ny Tombokasehampanjakana, Minisitry ny Fitsarana, mba hampiantso fivoriana maika hahitam-bokatra miaraka amin'Andriamatoa Minisitry ny Filaminam-bahoaka sy Andriamatoa Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena ;
Manentana ireo Tonia Mampanoa Lalàna Ambony sy Tonia Mpampanoa Lalàna rehetra manerana ny Nosy, mba hametraka tanteraka manoloana ireo mpitandro ny filaminana ny fiverenana ho amin'ny fanajàna ny lalàna manan-kery, ny fanajana ny fanaovana fanadihadiana anaty fotoana ara-dalàna, ary ny fanatsaharana avy hatrany ny famoahana sy fanaparihana vaovao mialoha manerana ny haino vaky jery raha tsy misy ny fahazoan-dalana mialoha azon'izy ireo avy amin'ny fampanovana ;
Mamporisika sy mampahery ny Mpitsara rehetra miasa eo anivon'ny fampanoavana, mba hampihàtra ny voalazan'ny andininy faha-155 ka hatramin'ny andininy faha-157 ny fehezan-dalàna famaizana raha toa koa mbola miseho ihany ny famoahana mialoha ny raharaha izay tsy mbola mandalo fitsarana akory (fampitandremana, fanesorana ny maha-OPJ, na koa ny fiantsoana izay minia mbola manao izany manoloana ny Rantsam-piampangana Ambony ao amin'ny Fitsarana Ambony."

*Nangonin'i Stefa*

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Mirehitra i Madagasikara ankehitriny

Tsy afak'olana ny firenena ao anatin'izao fitondrana Rajoelina izao. Miseho lany izany ary miovaova eo ny endriny na ny karazany. Indraindray loza no mitranga, toy ny loza voajanahary, indraindray tranga mampamenatra firenena na maloto mihitsy miseho eo anivon'ny fitondrana. Raha nifanesy ny fihetsika tsy mendrika ataon'ireo olona sasany ao anaty fitondrana na miara-dia amin'ny fitondrana, dia miseho lany indray ity ny doro tanety amin'ny faritra samihafa. Ny manahirana dia ireo ala arovana mihitsy no lasibatra ary tandindonin-doza mafy ireo biby mampiavaka an'i Madagasikara. Loza ity indray mandeha ity, fa tsy mbola nisy toy izao. Ambaran'ny mpandinika sarotiny amin'ny valan-javaboahary sy ny ao aminy, raha ny fahitany izany toe-javatra izany hoe: "mirehitra i Madagasikara" ankehitriny, "main'ny afo". Zava-doza mamely ny firenena izany. Mahakasika izay, namoaka fanambarana ny ministera tompon'andraikitra, fa raha ny afak'omaly, nahatratra 1000 mahery ny afo nirehitra hitan'izy ireo manerana ny Nosy. Ny mahavariana ny maro, dia mbola miteny ihany ramatoa minisitra misahana ny tontolo iainana hoe: mbola ambany na kely miohatra ny tamin'ny taon-dasa ny faritra na ny velaran'ny ala may kilan'ny afo. Tena fiteny ve izany amin'izao fotoana izao nefa mbola ao anatin'ny ady? Sao dia hitovitovy tamin'ny nambara tany am-piandohana, fa tsy mahery vaika noho ny aretina hafa ny hiseho amin'ny fahatongavana sy ny fihanaky ny valanaretina coronavirus. Dia niaraha-nahita sy niaina anefa ny vokany avy eo.
Ankoatra izay, nanaitra ny sain'ny maro ihany koa ny zava-nitranga tao amin'ny valan-javaboahary Tsimbazaza (PBGT). Biby maro no maty noho ny aretina, izay tsy mbola fandre tao amin'io toerana io izany.
Miditra ao anatin'ny vanim-potoana mafana isika ankehitriny. Nambaran'ny eo anivon'ny sampan-draharaha mpamantatra ny toetrandro, fa hihena ny rotsak'orana hatramin'ny faran'ny taona na volana desambra. Mitatao amin'izany ny fihenan'ny rano, ary hisy fiantraikany amin'ny tokantrano maro izany, no sady hahakasika ny fambolena. Ankehitriny efa manomboka miakatra indray izao ny vidim-bary. Dia hanao ahoana ny ho vokatr'izany satria hiditra amin'ny maitso ahitra isika. Sa hiàla bala indray ny fitondram-panjakana, ka hilaza fa vokatry ny fiovaovan'ny toetrandro izany. Ity fitondrana Rajoelina ity mantsy anisan'ny tena hainy ny manilika andraikitra hatrany amin'ny zava-mitranga, fa tsy tompoandraikitra izy. Iaraha-mahalala izany ary iaraha-miaina, ho an'ny sarambabem-bahoaka, ny vokany hita izao.

*Sôh'son*

Kopia sy karapanondro faobe

# Fikarakarana hala-bato no ataon'ny fitondrana hoy ny Diaspora La Reunion

Nanao fanambarana ny Diaspora Malagasy atsy La Reunion mahakasika ny fanomanana fifidiana-na eto amintsika:
"Izahay olom-pirenena manaja ny demokrasia eto La Réunion dia manohana tanteraka ny fanambarana nataon'ny fiarahamonim-pirenena mahakasika ny resaka « jugements supplétifs », na fanaovana kopia sy karapanondrom-pirenena maimaimpoana faobe, kasain' ny Fanjakana atao mialohan'ny fifidianana.
Hita taratra tokoa fa fikarakarana hala-bato no tanjona tian'ny Fanjakana hahatongavana, ka ho krizy indray no haterak' izany.
Manoloana ny savorovoro maro samihafa, dia tsy misy afa-tsy ny fikaonandoham-pirenena, handraisan'ny rehetra anjara, no vahaolana hitondra fitoniana eto amin'ny Firenena. Manainga ny fitondram-panjakana, mba tsy hanao be marenina, ary mba hijery ny tombontsoa iombonan'ny Malagasy, fa tsy ny tombon-tsoan' olom-bitsy no jeren'izy ireo. Miantso ny FFKM sy ireo mpanelanenana rehetra, mba hijoro ho Ray amandreny azo itokisana, ka hanao izay hirosoana amin'ny fifidianana mangarahara eken'ny rehetra."




*Solontenan'ireo Diaspora Malagasy atsy amin'ny Nosy La Réunion.*

*Nangonin'i Stefa*

Fiainan'antoko

# Manetsika ny rafitra eny ifotony ny antoko Arema



*Ny hetsiky ny antoko Arema, tao amin'ny Kianja Mitafo Soavita ny faran'ny herinandro teo.*

Nanomboka ny 27 septembra teo no nanao fitetezamparitra any amin'ny faritanin'i Toamasina iny, ny Antoko Arema, izay tarihan'ny sekretera nasionaliny Ramatoa Annick Ratsiraka . Tany amin'ny distrikan'i Tanambe, Ambatondrazaka, Moramanga, Amparafaravola, Maroantsetra, Mananara Avaratra , Soanierana Ivongo, Fenerive Est, Vavatenina, no nanombohan'izy ireo izany ary ny faha 9 oktobra teo no tonga tao Toamasina Renivohitra izy ireo ary na-nao hetsika lehibe tao amin'ny kianja mitafo Soavita. Nandritra ireo fitsidihana rehera izay natao dia nihaona tamin'ireo mpikatroka Arema any ifotony ireto delegasiona, izay tarihin'ny sekretera nasionaly ireto ary otronin'ny comite directeur ary nanao fanentanana amin'ny fananganana indray, ny rafitry ny antoko sy hifidy ireo birao hitantana izany. Nampahatsiahy ihany koa ny foto-kevitra izay nijoroan'ny antoko hatramin' izay. Izany foto-kevitra izany hoy Ramatoa Annick Ratsiraka, no ho entin'ny Arema hanavotra ny vahaoaka sy ny firenena. Tsy adino ihany koa ny nanao fanentanana amin' ireo tanora mba hiditra ao anatin'ny lisi-pifidianana.
Nanamafy ihany koa ny sekretera nasionalin'ny antoko, fa handray anjara amin'ireo fifidianana, izay ho avy ny antoko. 46 tao-na amin'ity taona ity ny Antoko, ka azo antoka hoy izy, fa ireo rehetra izay mahalala ny fisian'ny antoko dia afaka ny hiatrika fifidianana avokoa.
Fa isan'ny tafiditra tao anatin'ny fandaharam-potoana ihany koa ny fitsidihana ireo Akany izany natsangan'ny vadin'ny filoha teo aloha Ramatoa Celine Ratsiraka. Isan'ireo tena goavana tamin'izany ny tao Ambatondrazaka, izay mankalaza ny faha 35 taonany amin'ity taona ity . Hita ihany koa hoy ireo nanatrimaso tany, fa mbo- la tena velona ary mitondra ny anjara birikiny amin'ny fanabeazana any antoerana io Akany ao Ambatondrazaka io. Tsy nijanona teo amin'ny fitaizana ny ambaratonga fototra tahaka ny hafa ihany koa, fa efa misy hatrany amin'ny lisea.
Rehefa vita moa ny tany Toamasina dia niazo ny tapany atsimon'ny Faritany indray ny delegasiona, ka nitety ireo distrika toa an'i Brickaville, Vatomandry, Antanambao Manampontsy, Mahanoro, Masomeloka sy Nosy-Varika ary nofaranana tany Vatomandry .

*Isambilo*